# 21 NY HEVITRA ARA-DRAFITRA TSARAINA

## TANJONA

Mamantatra ny hevitra ara-drafitry ny Lazaina sy ny fitodiky ny fehezanteny tso-drafitra.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ambara fa Tsaraina ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina raha toa ka indray tanteraka ireto fepetra roa manaraka ireto:

1. Teny tokana tsy matoanteny na andian-teny tso-drafitra ny Enti-milaza
2. Tsy ahitana ny tovona maha-, manka--, ilay izy

Ambara fa Tsaraina ny Hevitra ara-drafitry ny Renifameno, raha toa ka indray tanteraka ny fepetra roa voalaza etsy ambony rehefa avadika ho Lazaina ilay RF.

**Lahatsoratra**

Ity vohitra kely ity ry Vololona, hoy indray izy maotina sy toa nieritreritra lalina, no atao hoe Itaosy. Eto no tanindrazako avy amin'i dada … izatsy donga faharoa avy ery ambony izatsy no fasan-drazanay, ary ao no milevina ireo nahitako masoandro. Ao ny taolambalon'I neny. Ao ny taolambalon'I neny.

"Lehilahy nirehareha noho ny bikany sy ny tarehiny izany, ry Vololona! Lehilahy tsy nanaiky ny handeferan'ny sitrapony na tamin'ny inona na tamin'ny inona!... Mbola voatavo tsy mifandraka tsy nahalala izay atsimo sy avaratra aho, ka azony natao avokoa ny hadalany rehetra. Indrindra fa mbola velona teo ny anabaviny azony nanariana ahy… "

***E.D. Andriamalala***

(Taolambalo, tak. 84 sy 85)

## Sahanasa 1

1-Fanadihadiana lahatsoratra:

Inona no tiana ambara amin'ny hoe "taolam-balo"?

Inona no tiana ambara amin'ny hoe "voatavo tsy mifandraka"?

Lazao ny alahelo tsy ambara mivantana fa milentika ao anatin'ny mpitantara?

2-Rasao ny fehezanteny ka omeo ny anjara asan'ny teny tsirairay

F1: Itaosy ity vohitra ity.

F2: Ao ny taolambalon'I neny.

F3: Nahakevoka an'I dada ny bikany sy ny tarehiny.

3-Lazao ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina sy ny Renifameno.

F1: Itaosy ity vohitra ity.

F2: Ao ny taolambalon'I neny.

F3: Nahakevoka an'I dada ny bikany sy ny tarehiny.

4-Porofoy fa misy Lazaina Tsaraina sy RF Tsaraina rehefa avy nandrasa fehezanteny ianao.

### Sahanasa 2

1-Lazao ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina amin'ireto fehezanteny ireto:

F1: Tsy nahavita na inona na inona ny Vazaha raha tsy teo ireo Malagasy mpiray petsapetsa aminy.

F2: Na niomehezan'ny sasany aza ny tena dia tsy maninona, fa aleo manontanintany foana hihomehezana, toy izay manaotao foana hotezerana.

2-Ataovy Lazaina ny teny misy tsipika eo ambaniny ary lazao ny fitodiky ny fehezanteny:

F1: Nahakivy ny mpilalao Malagasy ny fiangarana nivandravandra nataon'ilay mpitsara.

F2: Mahatofoka azy, hono, ny fiainana eto an-drenivohitra.

F3: Very saina noho ny adim-piainana io Rangahy io.

### Sahanasa 3

Mamorona fehezanteny dimy (5) mitodika amin'ny Tsaraina ka sokajin-teny samihafa no ampiasao ho EM.